APDRA
PISCICULTURE PAYSANNE

n° 66

# Ny Feon'ny Mpiompy Trondro

Ny gazetin'ny fiompiana trondro eto Madagasikara Mivoaka isaky ny telo volana Jona 2025

## NY FIVONDRONANA NO MAHALASA LAVITRA



Atsimo Atsinanana

### Ny lanjan'ny kaoperativan'ny mpiompy trondro kaominaly

(P. 4)

Vakinankaratra

### Ny fampiharana fitsipika hentitra no mampandroso miaraka

(P. 6)

Itasy

### Mampiasa ny zava-misy sy ny vola ananana hahazoana rano bebe kokoa

(P. 3)

# SASINTENY

Ry mpamaky hajaina,

Ny fivondronan'ny mpiompy trondro indray no haseho antsika ato anatin'ity gazety « Ny Feon'ny Mpiompy Trondro » laharana faha 66 ity. Efa novelabelarina tao amin'ny laharana faha 36 ny fananganana rafitra sy ny fandaminana asa eo amin'ny mpiompy trondro, tamin'ny 2017. Hoaverintsika resahina indray anefa ity lohahevitra ity satria manan-danja loatra.

Anisan'ny paikady mahomby amin'ny fampiroboroboana ny seha-pihariana trondro ny fampivondronana ny mpiompy trondro. Tato anatin'ny 20 taona, namporisika ny fiforonan'ny vondrona maro tao amin'ny faritra rehetra iasan'ny APDRA eto Madagasikara ny fitombon'ny isan'ny mpiompy trondro. Samy hafa araka ny faritra misy azy sy ny tanjony avy ny firafitry ny vondrona. Toy izany koa ny taoraharaha atolony toy ny fifanakalozana teknika, ny ady amin'ny halatra sy ny fisomparana, ny fanamorana ny fahazoana hana-pamokarana na ny fandrindrana ny fampiasana rano ihany koa, sns. Mba hampandeha tsara ny fiainam-pikambanana anefa dia ilaina ny fananana tanjona voafaritra iaraha-manaiky, fametrahana fitsipika mazava, iraisana sy hajain'ny mpikambana rehetra : fanatrehana fivoriana, fandoavana latsakemboka raha ilaina sy fandraisana anjara amin'ireo asa samihafa mamaly ny filàn'ny mpikambana.

Hohitanareo ato anatin'ity laharana ity ny paikady sy ny vinan'ny APDRA, ary izay rehetra tokony hotandrovan'ny mpiompy trondro mikasika ny fananganana sy ny fiainana anaty rafitra. Hasehonay aorian'izay ny karazana vondrona mpiompy trondro : miainga amin'ireo vao niforona hatrany amin'ireo fivondronana eo anivon'ny faritra. Horesahina any am-pamaranana ireo karazana fifandrindrana isam-bondrona mampivoatra ny fiompiany trondro.

« Ny firaisankina no hery », mamakia finaritra !

**Ny ekipan'ny FMT**

## LOHAHEVITRA: Ny fivondronana no mahalasa lavitra

### Fepetra ilaina amin'ny fananganana rafitra

Eo amin'ny tontolon'ny fampandrosoana dia voaresaka hatrany ny famporisihina amin'ny fananganana rafitra. Rafitra toy ny ahoana anefa no resahina amin'izany ? Ilay natao ahazoana rosia sy eken'ny fanjakana, sa ilay ahafahana manangana tetikasa iombonana, hanampiana ireo mpikambana ?

Maro amin'ny olana sedrain'ny mpiompy trondro no tsy voavahan'olon-tokana. Maneho tsara izany ny resaka fitantanana sy fikojakojana ny tambajotran'ny rano enti-mamokatra. Toy izany koa ny ady amin'ny halatra izay ilàna lamina iraisana matetika sy fanohanana avy any ivelany (fanjakana, mpitandro filaminana, …), eny fa na ireo fomba famarotana sasany izay mitaky fandrindrana sy fizarana asa eo amin'ny mpamokatra.

Asehon'ny fanadihadiana maro fa ny filàna torohevitra sy fifanakalozana ara-teknika no antony voalohany mamporisika ny mpiompy trondro sy ny mpamboly hiditra anaty vondrona sy hanangana rafitra. Ny torohevitra ara-teknika ihany koa no tena manan-danja hampiova sy hampandrosoana ny asa famokarana. Raha raisina ho zava-dehibe àry ny fananganana rafitra, inona avy ireo fitsipika sy fepetra fototra hahatafitàna izany.

**1) Finiavana handrafitra tetikasa iraisana :** Sarotra ho an'ny vondrona ny hiray hina raha tsy misy tanjona iraisana (manatsara ny fitsinjarana rano, miara-mivarotra zana-trondro, mamboly hazo an-tanety hiarovana ny tanimbary, …). Vetivety dia tsy ho hita intsony ny mpikambana sasany satria tsy mahaliana azy ireo na tsy mamaly ny hetahetany ny tetikasa norafetina.

**2) Mifampizara asa :** Tsy apetraka amin'olon-tokana ny andraikitra rehetra. Mba hahavelona ny vondrona dia ilaina ny mpitarika mahafoy tena mihoatra ny hafa, tsy ho vitan'izy ireo daholo anefa ny zava-drehetra (manomana fivoriana, mandeha mitady fahalalana, manao tatitra, …). Ilaina avy hatrany araka izany ny fifampizarana asa ary ny fianarana mifampiresaka ihany koa mba hampisosa ny fampitana fahalalana.

**3) Mandinika ny fifandaminana tsara indrindra :** Na dia misy aza ny sata sy ny fitsipika anatiny azo alain-tahaka dia tsara ny maka fotoana handinihana ny fandaminana tena mifanaraka tsara amin'ny vondrona sy ny taoraharaha tiana hapetraka.

**4) Maka fotoana vao miroso amin'ny fangatahana taratasy ara-panjakana :** Maika ny hahazo taratasy ara-panjakana matetika ny vondrona ka mihevitra fa izany no mahamatotra sy ahalalan'ny olona azy. Raha vao azo anefa izany dia sarotra ny mamerina ny fandaminana, ny manova ny zava-misy. Ny fananganana ny vondrona aloha no hitanay fa mety kokoa, ny fampandehanana azy mandritra ny fotoana lavalava mba hampifanarahana azy amin'ny zava-misy sy hanamafisana azy vao manao ny fanambarana ofisialy rehefa tena ilaina izany.




*Fikaonan-dohan'ny vondrona mpiompy trondro iray ao amin'ny faritra Itasy*

# LOHAHEVITRA : Ny fivondronana no mahalasa lavitra

### Amoron'i Mania

## « Nivondrona izahay ary miara-nandroso »

*Ndrema Pierre Aloson Jérôme Gabriel, filohan'ny Vovonan'ny Mpamokatra trondro Rejionaly (VMR), no mizara ny traikefan'ny mpiompy trondro nanangana ity vondrona izay mbola tokana eto Madagasikara ity.*

« Nandalo dingana maro ny fananganana ny Vovonan'ny Mpiompy trondro Rejionaly tao Amoron'i Mania. Nanentana ireo Vondrona Kaominaly (VK) amin'ny maha-zava-dehibe ny rafitra rejionaly aloha ny APDRA sy ny FIFATA : fanamafisana ny fifandraisan'ny mpiompy trondro ao amin'ny faritra sy ny fanamorana ny fampiharana ny paikady hampivoarana sy hampaharetana ny fiompiana trondro. Novoriana taorian'izay ireo VK ireo hanangonana sy hampitoviana ny hevitra ho amin'ny fiaraha-miasa mahomby sy maharitra. Atrikasa iray notohanan'ny APDRA, ny FIFATAM (Sampan'ny FIFATA ao Amoron'i Mania), ny DRPEB ary ny manam-pahefana samihafa, natao tao Ambositra, ny 18 novambra 2021, no nanamarika ny fitsanganan'ny VMR tamin'ny fomba ofisialy amin'ny maha-hery iombonana hampandrosoana ny fiompiana trondro ao amin'ny faritra. Fikambanana 64 ahitana mpiompy trondro 1 479 avy amin'ny kaominina 13 no nandrafitra azy tamin'ny taona 2021. Nahatratra 115 ny fikambanana ary 2 854 ny mpikambana tamin'ny martsa 2025, mbola tao amin'ireo kaominina ireo ihany.




*Foara nokarakarain'ny Vovonan'ny mpiompy trondro Rejionaly ao Amoron'i Mania*

Ny fivoaran'ny fifandraisan'ny VK mpikambana no nahazoan'ny VMR nandamina ny tsena, nampihena ny halatra trondro, nanatsara sy nampitombo ny fifanakalozana traikefa, teknika, raiamandrenintrondro na zana-trondro. Betsaka anefa ny asa mbola miandry, toy ny fanamafisana ny rafitrir'ireo VK mpikambana, indrindra ireo vao nitsangana. Ilaina ihany koa ny mampifanaraka ny teknika fiompian'izy ireo amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fampidirana ireo mpiompy trondro tsy mbola mpikambana. Laharam-pahamehan'ny VMR ny fampivelarana ny taoraharaha anatiny hanatsarana ny fanohanana ny mpikambana rehetra sy ny fifandraisana amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola.

Rehefa miray hina isika dia afaka mampandroso ny seha-pihariana trondro sy manatsara ny fari-piainan'ny mpikambana tsirairay. »

### Itasy

## Mampiasa ny zava-misy sy ny vola ananana hahazoana rano bebe kokoa

*Nanapa-kevitra ny hanangana fotodrafitrasa maromaro ny fikambanana mpitantana rano (AUE) iray ao Ankadilalana sy Tsaramiakatra, fokontany Mangarano, kaominina Arivonimamo, distrikan'Arivonimamo, taorian'ny fahatsapana tsy fahampian-drano famokarana hatramin'ny 2023.*

Nahatsangana tetezan-drano mirefy 90 m izay manana haavo 7 m ny fikambanana tamin'ny alàlan'ny fampiasana vato sy simenitra ary ny latsakemboka 30 tapitrisa Ariary nataon'ny mpikambana miisa 60. Niara-nisalahy ihany koa izy ireo tamin'ny fanadiovana sy fanatsarana lakan-drano mirefy 4 km ary ny fanamboarana lakan-drano vaovao mirefy 1 km izay manana halalina 12 m amin'ny toerana sasany.

Velaran-tany famokarana 100 ha ankehitriny no mahazo rano raha 40 ha teo aloha. 120 ha no kendrena aorian'ny fahavitan'ny asa rehetra. Tokantrano 150 no misitraka ireo fotodrafitrasa ireo ka 100 amin'izay no mpikamban'ny AUE. Mivelona amin'ny fambolena sy fiompiana ary ny fiompiana trondro izy ireo, ary tokantrano 40 liana amin'ny fiompiana trondro an-tanimbary no vinavinaina hahazo rano hampiharana izany.

Hoy Rakotonirina Justin, filohan'ny AUE : *« Tena olana ho anay ny tsy fahampian-drano, tapa-kevitra izahay noho izany ny hanatsara ny fotodrafitrasa. Nataonay ireo asa ireo taorian'ny fiaraha-mikaroka vahaolana tamin'ny tetikasa AMPIANA 3. Na teo aza ny fahasahiranana dia vitanay tamin'ny alàlan'izay teo am-pelantananay ny ampahany betsaka tamin'ny 70 isan-jaton'ny asa. Noho ny fivondronana dia nahazo fanampiana tamin'ireo olom-boafidy teto an-toerana izahay kanefa mbola miantso ireo malala-tanana hamitàna ny 30 isan-jato tavela. »*

Hoy ireo mpikambana sasany : *« Aina ny rano, tena ilainay izany amin'ny fanaovana zavatra maro toy ny fiompiana trondro an-tanimbary sy ny voly avotra. »*







*Fotodrafitrasa natsangan'ny fikambanan'ny mpampiasa rano*

# LOHAHEVITRA : Ny fivondronana no mahalasa lavitra

### Atsinanana

## Nisafidy mpikambana iray ny vondrona ho mpiompy trondro mpanentana

*Maneho ny fandrindrana eo anivon'ny vondrona mpiompy trondro iray izay misy an-dRazafy Jules Eric na i « Eric », mpiompy trondro sady mpanentana ao Ampitamalandy, kaominina Ifasina-I, distrikan'i Vatomandry, ity lahatsoratra ity.*

Tamin'ny 2022 no nitsangana ny vondron'ny mpiompy trondro tao Ampitamalandy. Miisa 5 monja ny mpikambana tamin'izay. Afaka niompy trondro izy ireo noho ny fampiofanan'i Lefety André, mpiompy trondro iray tsy lavitra azy ireo, fony tsy mbola niasa tany an-toerana ny APDRA.

Nahataitra ny mpikambana ny fivoarana sy ny vokatry ny fiompiana zana-trondro karpa, tilapia sy trondro vaventy tany amin'ny namany antsoina hoe Eric, taorian'ny nahazoan'ity farany fiofanana tamin'ny APDRA. Izany no nahatonga azy ireo hisafidy azy ho mpitarika.

Mampiofana amin'ny fampanatodizana karpa sy tilapia, izay mpikambana mangataka izany i Eric. Anaovany tatitra amin'ny mpikambana hatrany izay fiofanana sy hetsika manokana andraisany anjara. Araraotiny ny fivoriam-pokontany hanentanana ny olona ao an-toerana amin'ny fiompiana trondro ary atorony izay liana ny fanajariana tokony hatao. Manampy ny mpanentan'ny APDRA izy amin'ny fanangonana ireo zava-manahirana ny mpikambana amin'ny toerana sasany ary miara-manomana fidinana hamahana ny olana any ifotony.

Nanangana toeram-panafoizana amin'ny tanin'ny mpikambana iray ny vondrona hampiofanana sy hahamora ny fahazoana zana-trondro. Ny tompon-toerana no miantoka ny fiambenana raha ny mpikambana rehetra no manao ny fikojakojana. Mahazo zana-trondro mora vidy ary mampanatody ny renintrondrony ao amin'ny toeram-panafoizana ny mpikambana rehefa ankatoavin'ny rehetra. Mitombo ankehitriny ny vokatra sy ny mpanafatra manodidina, maminavina hanangana toeram-pivarotana ny zana-trondro sy ny trondron'ny mpikambana, ao an-tampon-tanàna, ny vondrona.

Miisa 20 amin'izao fotoana izao ny mpikambana ka 4 amin'ireo no lasa mpanentana. Tena nanamafy ny vondrona hoy i Eric ny fametrahana ireo lamina rehetra ireo.




*Fampiofanana ny vondron'ny mpiompy trondro ao Ampitamalandy amin'ny fampanatodizana karpa tao an-toeram-panafoizana*

### Atsimo Atsinanana

## Ny lanjan'ny kaoperativan'ny mpiompy trondro kaominaly

*Maneho ny lanjan'ny kaoperativan'ny mpiompy trondro « Fanirisoa » ao amin'ny kaominina ambanivohitra Soamanova, distrikan'i Vangaindrano, i Ferse filohany.*

**FMT : Manao ahoana  ny kaoperativa misy anao ?**

**Ferse :** Mpiompy trondro nentim-paharazana samy namokatra tany amin'ny fokontany misy anay avy izahay taloha. Tamin'ny 2022, nisy mpisehatra amin'ny fampandrosoana (WHH) nampiofana anay tamin'ny fiompiana trondro sy ny fananganana rafitra. Izany rehetra izany no nahatonga anay hivondrona hahatsara ny fifandrindrana sy hanangana vondrona ara-panjakana.

**FMT : Inona no antony nisafidianana ny kaoperativa ary manao ahoana ny rindran-damina ?**

**Ferse :** Ny tanjonay dia ny hahazo vola amin'ny alàlan'ny fivarotana ny trondro vaventy sy ny zana-trondronay. Afaka manao varotra lehibe izahay miaraka amin'ny kaoperativa mba hifampizarana ny tombony.

Miisa 52 ny mpikambana ao aminay ka vehivavy ny 11. Mpikambana 7, vehivavy ny iray, no mandrafitra ny birao, miova isaky ny 3 taona. Isaky ny faharoapolon'ny volana no anaovanay jery todika, ifanakalozanay ny fahombiazana sy ny olana. Ny ampahany amin'ny vidin-trondro, ny saram-pidirana sy ny latsakemboka fanao isan-taona no miantoka ny fampandehanan-draharaha sy mamelona ny tahirim-bola.

**FMT : Inona no tombontsoa omen'ny kaoperativa ?**

**Ferse :** Afaka misitraka fiofanana, mampiasa ireo fananana iombonana toy ny fitotoam-bokatra sy ny fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro nomen'ny MPEB sy ny AFAFI-SUD ny mpikambana ary mahazo tombony avy amin'ny famarotana ataon'ny kaoperativa. Mitombo ankehitriny ny mpanjifan'ny kaoperativa noho ny lazany manerana ny faritra sy any ivelany. Angoniny ihany koa ny kaomandin'ny mpanjifa ka mahamora ny fivarotam-bokatra.




*Fitsidihana ny kaoperativa nataon'ny mpiompy trondro avy any Atsinanana tamin'ny aprily 2024*

# LOHAHEVITRA : Ny fivondronana no mahalasa lavitra

### Matsiatra Ambony

## Mahaliana olona ny fahavitrihan'ny fikambanana iray

*Ny mpiompy trondro ao amin'ny kaominina Anjoma, distrikan'Ambalavao, no nanorina ny fikambanana Fihariasoa tamin'ny 2018. Asehon'ity lahatsoratra ity ny fomba anampiany ny mpikambana sy anentanany ihany koa ny olona amin'ny fiompiana trondro.*

Mpiompy trondro 7 tany am-boalohany no nivondrona. Efa manana ny sata ara-dalàna ny fikambanana hatramin'ny 2020 ary ahitana mpikambana 30. Mikarakara fivoriambe ara-potoana telo isan-taona izy hanaovana jery todika ny taom-pamokarana sy ny fiainam-pikambanana. Mandoa latsakemboka 2 000 Ariary isan-taona ny mpikambana tsirairay. Manolotra taoraharaha ny mpikambana ny fikambanana toy ny fiaraha-mividy zana-trondro, *grillages* sy fitaovana samihafa, ny fiaraha-mivarotra trondro. Misy koa ny fampiofanana ireo mpikambana vaovao amin'ny fanatavizana trondro an-tanimbary ary ny fanampiana amin'ny famahana ny olan'ny mpikambana. Manoloana ny halatra mahazo ny mpikambana sasany ohatra dia ny fikambanana no mitondra ny raharaha eny amin'ny fitsarana sy manampy amin'ny fomba hanoloana ny renintrondron'izy ireo very.

Noho ny taoraharana atolony sy ny fahavitrihany dia mahasarika mpikambana vaovao maro izay miroso amin'ny fiompiana trondro ny fikambanana. Misy ny vinavina ny hampiditra ireo mpikambana vaovao sy hanokatra tsenam-pamarotana trondro vaventy eo an-toerana. Heverina ihany koa ny fampiasana ny latsakemboka amin'ny fividianana renintrondro any ivelan'ny kaominina hiantohana ny tsy fitovian-taranaka. Hoamidy 200 Ariary amin'ny mpikambana ny zana-trondro hanonerana sy hamelomana ny tahirim-bola ary izany dia hahamaro karazana ny fiavian'ny zana-trondro ao an-toerana.



*Fihaonan'ny mpikambana vitsivitsy ao amin'ny fikambanana Fihariasoa*

### Itasy

## Fanajariana sahan-driaka hahazoana manohy ny famokarana

*Hatramin'ny 2023 no nanohanan'ny tetikasa ALEFA ny fikambanana « Mpiaramandova » ao amin'ny kaominina Antoby Est. Mitantara ny asa fanajariana ny sahan-driaka antsoina hoe « Miantsoarivo » nataon'ny mpikambana taorian'ny fahasimban'ny tanimbarin'izy ireo, Razafimaro Albert filohany.*

« Ahitana mpikambana 28 ka mpiompy trondro 12 izay efa mampihatra ny teknika nohatsaraina naparitaky ny tetikasa ALEFA, ny fikambananay. Niaina ny vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana izahay, teo ny fahatotoran'ny tanimbary avy amin'ny fihotsahan'ny tanety, ny faharitan'ny loharano mamelona ny fiompianay trondro sy ny fahasimban'ny ankamaroan'ny tanety izay tsy azo ambolena intsony vokatry ny riaka. Tonga ara-potoana anefa ny tetikasa ALEFA ary namelona indray ny fanantenanay satria nanampy anay tamin'ny fitadiavam-bahaolana.

Mba hananan'ny mpikambana ao aminay trondro, natombokay tamin'ny fametrahana toeram-panatavizana trondro iraisana ny fiaraha-miasa. Notohizanay tamin'ny fambolen-kazo sy ny fanatsarana ny teknikam-pambolena an-tanety avy eo ny asa. Ny fanaovana voly rakotra sy fanajariana tanety araka ny tsipi-mira ahabo na *courbe de niveau* dia nahafahanay nampihena ihany koa ny fiantraikan'ny fivatravatran'ny rotsak'orana. Ny fambolena hazo maro karazana mantsy no iarovanay ny nofon-tany amin'ny riaka sady ahazoan'ny fianakavianay izay hazo ilainy. Raha mitohy ireo ezaka ireo hoy ny mpikambana dia hiverina tsy ho ela ny fahafahanay mamokatra eo amin'ny sahan-driaka ary azo antoka fa hiakatra ka haharaka ny fitombon'ny mponina ety an-toerana ny vokatra. »



*Fifampidinihan'ny mpikambana vitsivitsy ao amin'ny fikambanana Mpiaramandova*

# LOHAHEVITRA : Ny fivondronana no mahalasa lavitra

**Vakinankaratra**

## Ny fampiharana fitsipika hentitra no mampandroso miaraka

*Maneho ny firoboroboan'ny fikambanana FTMMA (Fikambanan'ny Tantsaha Mivoatra eto MAtieloana) ao Ambatolahy 1, fokontany Matieloana, kaominina Antohobe, distrikan'i Betafo, ity lahatsoratra ity.*

Niorina tamin'ny 2024 ny FTMMA ary 22 ny mpikambana. Hanamaivanana ny fahasahiranan'ny tsirairay amin'ny alàlan'ny asam-pambolena sy fiompiana iombonana no antom-pisiany. Tanjona ny hahafahan'izy ireo mampivelatra ny famokarany, *« Miasa miaraka no fahombiazana »* hoy i Dahery mpikambana araka izany. Azo raisina ho ohatra ny fanaovana fanajariana tsipi-mira ahabo, ny fanajariana tanimbary fiompiana trondro ara-teknika, ny fambolen-kazo sy famokarana karazan-jezika, sns.

Niarahan'izy ireo nanapaka àry ireto fitsipika fidirana ho mpikambana ireto : olona vonona hanaraka ny teknika fanajariana ny tanety toy ny fambolen-kazo sy ny fanajariana manaraka tsipi-mira ahabo ary ny tekinika voly maharitra hiarovana ny sahan-driaka misy ny fiompiana trondro ; miompy trondro avy eo ka mampiditra zana-trondro miisa 100 amin'ny tanimbary 3 ara farafahakeliny hanamafisany ny tena fahavononany ary mazoto mivory sy manao asa iombonana mba tsy handoavana solon'andro.

Nataony izany satria miisa 3 teo aloha ny fikambanana teo an-tanànan'izy ireo no niankin-doha tanteraka tamin'ny tetikasa ivelany. Rehefa tapitra anefa izany dia very ny fahazotoan'ny mpikambana vokatry ny tsy fananany tanjona mazava. Nanapa-kevitra ireo mpikambana tonga saina ka niala tamin'ireo fikambanana nisy azy avy ary nanangana ny FTMMA. Nametraka tanjona mazava sy fifampifehezana hentitra izy ireo. Nohamafisin'i Léon Paul tantsaha mpampita ao amin'ny fikambanana fa *« Olona mitovy hevitra sy tanjona mba hivelona amin'ny fambolena sy fiompiana no mivondrona. »*

Ankehitriny, marisika ireo mpikambana hanatsara ny famokarany, vonona hanao asa matotra ary mahatsapa ny voka-tsoan'ny asa ataony eo anivon'ny fikambanana. Tanjon'ny FTMMA ny ho zary fitaratra ho an'ny manodidina ka hoy ihany i Dahery : *« Tsy ampy intsony ny fanentanana fotsiny fa mila arahina asa sy fitsipi-pifehezana miainga amin'ny filàna mazava ny zavatra atao. »*




*Fifanampian'ny mpikambana eo anivon'ny FTMMA*

**Analamanga**

## Kaomity iray isam-pokontany hampivoarana ny fiompiana trondro

*Nametraka kaomity iray isaky ny fokontany ao amin'ny kaominina Anjozorobe, distrikan'Anjozorobe, ny tetikasa DINAAMICC, mba hampandrosoana ny fiompiana trondro.*

Solon-tena isam-pokontany no voafidin'ny mpiompy trondro rehetra ary manentana mikasika ny fiompiana trondro. Miara-miasa amin'ny mpiompy trondro izy ireo ary mandray anjara betsaka amin'ny fampiroboroboana ny fiompiana trondro any amin'ny fokontany sy ny kaominina. Manamora ny fifandraisan'ny mpanentan'ny APDRA sy ny mpamokatra izy ireo sy ny fifanakalozana eo amin'ny mpiompy trondro anatiny sy ivelan'ny fokontany iasany. Araka izany, manampy amin'ny fanatsarana ny famokarana eo amin'ny fokontany sahaniny avy izy ireo.

Mandray anjara amin'ny fivoriambe roa lehibe fanao isan-taona ny mpiompy trondro : ny fivoriamben'ny mpamokatra zana-trondro amin'ny volana martsa ary ny an'ny mpiompy trondro rehetra amin'ny volana may. Ankoatra izay, mivory indray isan-taona ny mpiompy trondro amin'ny fokontany 3 mifanakaiky hifanakalozana traikefa. Ny kaomitin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro no misahana ny fikarakarana ireo fihaonana ireo. Izy ireo, ohatra, no mamaritra ny daty sy ny toerana ihaonana sy mampita amin'ny mpiompy trondro ny vaovao ilaina.

Mivory indray isan-taona ny mpikambana rehetra ao amin'ny kaomitin'ny fampandrosoana ny fiompiana trondro ao amin'ny kaominina, ny volana janoary, sady mitsidika ny ben'ny tanana noho ny taom-baovao sy maneho ny drafitrasany ao anatin'ny taona.




*Mpikamban'ny kaomity ao amin'ireo* fokontany *iasan'ny tetikasa DINAAMICC, ao amin'ny kaominina Anjozorobe*

## Fikambanana tantsaha iraisan'ny kaominina maromaro sy rejionaly

*Asehonay eo ambany ny fikambanana tantsaha vitsivitsy iraisan'ny kaominina maromaro sy rejionaly izay afaka manampy ny mpiompy trondro amin'ny fampivoarana ny asa ataony. Marihina fa tsy ireo ihany akory ny fikambanana tantsaha miara-miasa amin'ny APDRA.*

| Fikambanana tantsaha | Adiresy | Fikambanana tantsaha | Adiresy |
|---|---|---|---|
| TAHA (Trondro Aina Harena an'Ankazobe) | Toeram-pivarotana ao amin'ny tsenan'Ankazobe | APPAFI (Association de Producteur Privé des Alevins Fianarantsoa) | Maneva, Fianarantsoa |
| FIKOTAMIFI (Federasiona Ikoloana Ny TAntsaha Mihary Faritra Itasy) | Lot IIB 155 C Ampasambazaha Miarinarivo, Itasy | FITARIKANDRO | Biraon'ny Fiompiana ao Besorohitra, Fianarantsoa |
| FIFATAM (Fikambanana Fampivoarana Tantsaha Amoron'i Mania) | Lot IVK 11 BIS Madiolahatra Ambositra | FIMPIAMA | Mahamanina, Fianarantsoa |
| VMR (Vovonana Mpamokatra trondro Rejionaly) | Filoha : Atoa Ndrema Fokontany Andranovory Miezaka, Ambositra II | MANDRESY | Antsampanana-Amboditavolo, Vatomandry |
| VFTV (Vovonan'ny Fikambanan'ny Tantsahan'i Vakinankaratra) | Lot 11 26 D 69, PK 3 làlan'i Betafo, ao anatin'ny FIFATA Tsivatrinikamo, Antsirabe 110 | FIMPITA 2 (Fikambanan'ny MPIompy Trondro Andasibe Ambodibonara) | Andasibe, kaominina Ambodivoananto, Vatomandry |

# VAOVAO TAPATAPANY

## ALEFA

Tanjon'ny tetikasa ALEFA Agroécologie ny hanamafisana ny fiarovana ny sahan-driaka amin'ny alàlan'ireo fomba famokarana agroekolojika (fambolen-kazo, voly fandrakofana tanety, …) hahamora ny fampivoarana ny fiompiana trondro eny antanimbary manoloana ny fihombon'ny fiovaovan'ny toetrandro.

Nifarana tamin'ny aprily 2025 ny andiany voalohany tamin'io tetikasa io. Nankatoavin'ny mpamatsy vola, Agence Française de Développement, ny andiany faharoa ahazoana manohy ny asa hatramin'ny 2028 ao amin'ny faritra Itasy, Vakinankaratra ary Atsinanana. Io andiany faharoa io no hanamafisana ny zava-bita tamin'ny ALEFA 1 sy hanohizana ny fiampitàn'ireo mpiompy trondro amin'ny famokarana agroekolojika.

# TARATASIN'NY MPAMAKY

## Fahitàn'ny mpamaky ny FMT n° 64 sy 65

*« Vaovao sady tsara alain-tahaka ity fitaovam-pitahirizana sy fiarovana ny zana-trondro amin'ny mpangalatra ity satria mora atao sady mahomby. Hevitra tsara koa ilay fitaovana fanavahana zana-trondro izay tsy mahavery fotoana no manatsara hatrany ny vokatra jifain'ny mpanatavy. »* Randimbimanjaka Lowis (Ambalatenina, Amboditavolo, Atsinanana)

*« Tena manampy ahy ity teknika fitahirizana trondro ity ary hoampihariko. Olona iray fikambanana aminay no efa manao azy isaky ny mivarotra trondro, na trondro vaventy na zana-trondro. Somary lavitry ny toeram-piompiany moa ny tranony ka tena manampy azy betsaka ilay teknika. »* Rakoto Elson Emile (Tsarasambo, Tsarasambo, Atsinanana)

*« Hatramin'ny taona 2018 no efa nampiharako io teknika fitahirizana io. Tena nilaiko tamin'ny fitahirizana zana-trondro na trondro vaventy alohan'ny famarotana izany. Mpiompy maromaro no nampianariko io teknika io teto Vatomandry ary nampihatra izany. »* Jean Louis François (Ampaho, Tsarasambo, Atsinanana)

*« Nahitako zava-baovao betsaka tao amin'ny FMT n° 65, toy ny fitaovana fanavahana zana-trondro izay manamora ny asa. »* Razafimahandry Norbert (Ankerambe, Imito, Amoron'i Mania)

*« Nahitako fomba ahafahana mampitombo ny taoraharaha sy ny fitaovana azon'ny mpikambana sitrahana ny famakiako ny gazety, toy ny fitaovana fitahirizana vita amin'ny akora tsotra sy hita aty aminay. Tsy hanana olana intsony izahay amin'ny fitahirizana zana-trondro. »* Ravelomahatradraibe Fanomezantsoa (Ambohimahazo, Amoron'i Mania)

*« Efa tombony ho ahy ny famakiana gazety izay feno zava-tsoa amin'izao fiaraha-miasa amin'ny APDRA izao. Tsy niasa taty mantsy ny APDRA teo aloha ka tsy ampy ny fizarana. Betsaka ny teknika azo ampiharina aty aminay ary hitanay fa mahomby. Azo atao ihany koa ny manao fikarohana sy mampiasa ny akora eto an-toerana fa ilay fomba anaovana azy no tena ilanay ny fizarana toy izao. »* Rasolopitiavandreny Christophe (Tomboarivo, Ambondromisotra, Amoron'i Mania)

*« Misaotra nampahafantatra ireo karazana fitaovana tsotra ilaina amin'ny dobo sy ny fikirakirana trondro tao amin'ny laharana faha-65. Mangataka ny hanaovana laharana manokana mikasika ny famokarana zana-trondro izahay hamenoana ny fiofanana sy hanatsarana ny fotoam-pamokarana ho avy. »* Randrianambinina Victor (Mahatsinjo, Vondrozo, Atsimo Atsinanana)

**Valin-tenin'ny APDRA :** Hodinihin'ny kaomitin'ny fanoratana ny fangatahanareo amin'ny fivoriana fanapahana ireo lohahevitra vaovao havoaka.

*« Azo tanterahina tsara ny manamboatra dobo amin'ny biriky voalalotra simenitra ary mahomby amin'ny fitsitsiana rano aty aminay izay manana tany fasehana. Ny tena manahirana anefa dia ny fomba itazonana ny rano ao an-dobo fitaizana zana-trondro. »* Rafalimanana Gilbert Augustin antsoina hoe « Dadazily » (Miantsoarivo, Sambaina, Antoby Est, Itasy)


*« Tena mampirehareha ahy ny fizarana nataoko mikasika ny fitaovana fitahirizana zana-trondro mba hiarovana azy amin'ny mpangalatra. Ankasitrahako ny mpanentana sy ny ekipan'ny APDRA rehetra izay nanome lanja ny fikarohana ataon'ny tantsaha. »* Randrianaivo Heriniaina Joël (Antanety, Ambohiniriana, Mandiavato, Itasy)

*« Nandramanay natao ilay lasopy trondro amin'ny mangahazo taorian'ny famakiana ny FMT n° 64 ary tena nahafa-po. Angatahinay ny fanohizana ny fizarana nahandro. »* Raveloson Jean Noël antsoina hoe « Iaban'i Aldine » (Tsararano, Vohimasy, Farafangana, Atsimo Atsinanana)

# SAMIHAFA

## RARINTENY


Fenoy amin'ny alàlan'ny famaritana etsy ambany ny karakara.
Hohitanareo ao anatin'ny laharana manaraka ny valin'ny lalao.




1. Fikambanan'olona mpamokatra izay manambatra ny asany mba hananganana zava-mamokatra iray, ka miombona amin'ny vokatra azo
2. Iantsoana ireo olona anisan' ny antoko na fiombonana iray
3. Ilazana ny zavatra iray ikambanana na iarahana manana
4. Fitambaran'olona mikambana ho andiany iray
5. Zava-kendrena na faritra kendrena ho tratra
6. Asa na tolotra omen'ny fikambanana na vondrona iray ho an'ireo mpikambana
7. Fikambanan' ny zavatra maro ho tenan-javatra iray

***Valin'ny rarinteny tao amin'ny n° 65***

1. Manahirana
2. Fandaminana
3. Fanamby
4. Teknika
5. Fanapariahana
6. Vaovao
7. Vahaolana




## Trondro sy sakaibe

**Fangaro :**

*Trondro ½ kg*
*Sakaibe ¼ kg*
*Tongolobe 1*
*Tongolo gasy hasiny 3*
*Voatabia 2*
*Menaka, sira*
*Rano*

**Fikarakarana**

1. Kikisana, alaina tsinay ary diovina ny trondro
2. Diovina ny sakay ary alaina ny voany
3. Endasina amin'ny menaka ny tongolobe, ny voatabia sy ny tongolo gasy voapotika
4. Arotsaka ao amin'ny fanambanin'ny vilany ny saosy sy ny sakay vao atao eo ambony ny trondro. Asiana sira.
5. Masahana amin'ny rano kely
6. Aroso miaraka amin'ny vary

Mazotoa homana ô !




*Trondro sy sakaibe*

APDRA
Pisciculture Paysanne
Antenne Madagascar
La Résidence Sociale
Antsirabe - MADAGASCAR
Tél. (261) (20) 44 489 89
www.apdra.org
lvrp@apdra.org

***Talen'ny Famoahana***
Philippe Martel
***Tonian'ny Fanoratana***
Sidonie Rasoarimalala
***Mpanoratra***
Herisoa C. Andrianantenaina
Elinah Herizohanitriniala
Philippe Martel
Feno Zaka Rajaonarivelo
Dieu Donné Rakotondravola
Tojotiana Randriamamonjy
Mariette Rasoanantenaina
Sendrahasina Ratsimbazafy
Herizo Iarison Sahobiniaina
Arnaud Samy
Eric Zafimandimby